p4ges can paying 4 global ecosystem services reduce poverty?

les paiements pour les services écosystèmiques globaux peuvent-ils réduire la pauvreté?

www.p4ges.org

Inona ny fiantraikan'ny fikajiana ny ala (na ratsy na tsara) ho an'ny velon-tenan'ny mponina manamorona ny ala ary inona kosa no tombontsoa ho an'ny olombelona maneran-tany?

Mba ahafahana manatsara ny fomba fikajiana maharitra ny ala dia niezaka hatrany ny Fanjakana tamin'ny politika napetrany manamafy ny fitantanana ny voka-tsoa entin'ny ala. Taloha, ny paik'ady fiarovana dia niompana indrindra tamin'ny fandrarana ny fampiasana ny ala arovana sy fanomezana sazy. Ankehitriny kosa dia tsapa fa mila jerena akaiky ihany koa ny velon-tenan'ny mponina manamorona sy anatin'ny faritra arovana. Ity asa fikarohana p4ges ity dia mifandraika indrindra amin'izany fomba fijery vaovao izany. Fanontaniana mipetraka ny hoe: hatraiza ny fiantraikan'izany fiarovana ny ala izany ho an'ny mponina manodidina ny ala?

Maharitra telo taona ny asa fikarohana ho ataon'ny p4ges ary hifantoka amin'ny tandavan'ala antsinanan'i Madagasikara. Mpikaroka maro avy amin'ny oniversite sy fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana avy eto an-toerana sy avy any ivelany no miara manatontosa ity asa fikarohana ity. Tsara ny manamarika fa p4ges dia tsy miankina amin'ny Fanjakana Malagasy ary tsy afaka hampanantena aminareo ety ifotony fa hanatsara ny velon-tenanareo na hanova ny rafitra efa misy, fa soso-kevitra no atolotray ny Fanjakana rehefa vita soamantsara ny fikarohana. Noho izany dia anjaran'ny Fanjakana ny mampiasa na tsia izay tolo-kevitra ho aroso.

Tsara ny manamafy fa mbola maro ny sehatra ezahina ho alalinina hamantarana ny voka-tsoa na voka-dratsin'ny fiarovana ny ala. Anisan'ny zavatra karohana: ny fahasahiranan'ny mponina aterakan'ny fiarovana ny ala; ny rano avy any anaty àla; ny vokatra alaina anaty ala toy ny biby fihaza sy ny zavamaniry ilaina; ireo tombotsoa sy ireo olana azo avy amin'ny fisian'ny ala; ary ny rafim-piaraha-monina. Mahaliana anay ihany koa ny vokatsoa azo maneran-tany vokatry ny fikajiana ny ala toy ny karbona voatahiry anatin'ny hazo sy ny tany (mihazona ny toetr'andro ho salama) sy ny biby mampiavaka an'i Madagasikara.

Ny hevitry ny maro hono mahataka-davitra, koa irariana ny fiaraha-miasantsika rehetra amin'ny fanatanterahana ity asa fikarohana ity. Izahay kosa dia iezaka ny hampahafantatra anareo ny vokatra azo rehefa vita ny fikarohana.

Mpiandraikitra voalohany ny fikarohana eto Madagasikara: Prof Bruno Ramamonjisoa, Mpampianatra Mpikaroka, Oniversite Antananarivo (Toerana Fampiofanana ny Rano sy ny Ala), BP: 175, Antananarivo. bruno.ramamonjisoa@gmail.com

espa ecosystem services for poverty alleviation